Ny Valosoa sy hadihady

Mihantsy vahoaka hatrany ny fitondrana Rajoelina

Fantatr'izao fitondrana izao ny toetsain'ny vahoaka Malagasy avy amin'ny fandinihana ny niainany, nanoloana ny fanoherana ny tsy rariny sy ny famoretana ary ny fanitsakitsahana ny maha olona azy. Rehefa nanafika teto ny mpanjanaka dia nisy ny tia tanindrazana nanohitra izany kanefa dia nilefitra izy ireny noho ny hery tsy nitovy. Nitolona niady ny fiverenan'ny fahaleovantena ny MRDM tamin'ny 1947 kanefa dia tsy nahomby izany, satria iaraha-mahatadidy, fa nisy ireo mpamadika ary nisy koa ireo notifirin'ny mpanjanaka, ka nilefitra sy nisitrika tany anaty ala ireo sisa velona. Tsapan'izao fitondrana izao koa, fa olona tia filaminana sy manana ilay fisainana « izay mahasoa ataon'Andriamanitra » ny Malagasy. Nisy ireo « tolona » nifandimby taorian'ny namerenana ny fahaleovantena kanefa niavaka indrindra ny tamin'ny 2009, izay miaramila nihoko no nanongam-panjakana fa tsy nisy « hetsi-bahoaka » araka ny ilazana azy hatramin'izao. Izao mpitondra izao no nitantana ny Firenena nandritra ny dimy taona nipetrahan'ny tetezamita, izay lasa ara-dalàna araka ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana taorian'ny fifidianana ny taona 2019. Tsapa amin'izao fotoana izao, fa tena mihantsy ny vahoaka malagasy mihitsy izao fitondrana izao amin'ny zavatra ataony. Tsy takona hafenina ny fanitsakitsahana ny lalàna rehetra manankery, kanefa tsy misy fanenjehana azy ireo noho izany. Etsy ankilany anefa raha vao ny vahoaka tsy mandadiharona na mpanao politika mpanohitra no mandika lalàna dia samborina sy gadraina, itsy farany dia azo inoana fa baiko avy amin'ny filohan'ny Repoblika no midina, ka manatanteraka fotsiny ihany ny mpitsara. Tsy mahagaga raha mahazo laka ny fitsaram-bahoaka, satria tsy mahatoky ny fi-tsarana intsony ny olompirenena. Ny fahadisoam-panantenana ihany koa dia miteraka tsy fahatokisana izay nampanantena. Maro ireo famapanantenana nataon'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina nanomboka tamin'ny fampielezankevitra kanefa tsy misy tanteraka ireny hatramin'izao, efa ho efatra taona nitondrany izay. Nihevitra izy fa hanadino ny fampanantenana nataony tamin'ny tantsaha hampiakatra avo telo heny ny vidin'ny lavanila raha nikarakara fety tany Sambava ny herinandro lasa teo. Notaterina ny olona, nanampimaso ny tantsaha avy any amin'ireo distrika ao anatin'ny faritra nisitraka izany sy nitehaka ny filohan'ny Repoblika. Raha ny fahitana azy anefa dia tsy nahafaly ny vahoaka loatra izany, satria ny fampiakarana ny vidin'ny lavanila eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ihany no takian'ny tantsaha. Tsy manana fahefana amin'izany anefa ny filohan'ny Repoblika ka ny vidin'ny lavanila maintso no azony noferana. Araka izany dia azo antoka fa tsy mahatoky izao fitondrana izao intsony ny tantsaha any amin'iny faritra SAVA iny. Misehoseho sy miedinedina ery ny filohan'ny Repoblika rehefa mitokana fotodrafitrasa etsy sy eroa, satria toa te-hilaza izy fa manam-bola izao fitondrana izao. Ny zava-misy anefa dia tsy voaloan'izao fitondrana izao ny karaman'ny mpiasa any amin'ireo orinasam-pirenena, Air Mad, SIRAMA, CNAPMAD, sy ireo mpandraharaha nikojakoja sy nanamboatra làlana, sns,… Araka izany dia fihantsiana atao amin'ireny mpiray firenena aminy ireny izany ny fitokanana fotodrafitrasa, izay nandaniana vola be kanefa tsy hiteraka vokatsoa ho an'ny vahoaka, fa fisehosehoana ivelany ihany. Midika ho fihantsiana ny vahoaka ihany koa ny fanamparam-pahefana ataon' ny olom-boatendry indrindra indrindra. Porofon'izany ny antsojay natao tamin'ny filoha Ravalomanana Marc, tsy indray mandeha fa efa fanintelony na faniefany izao. Ankoatry ny maha olompirenena malagasy azy, izay manana zo feno afaka mivezivezy eto amin' ny tanin'ny Repoblikan'i Magagsikara dia manana sata manokana izy amin'ny naha Filoham-pirenena azy teo aloha. Tsy fihantsiana an-dRavalomanana Marc manokana izany nataon'ny governoran'ny Faritra Atsinana izany, fa fihantsiana ny mpomba azy ihany koa. Tsy manaiky ny fomba nanatanterahana ny fifidianana izay itantanana ny holafitry ny mpanao gazety ny ankamaroan'ny mpanao gazety, kanefa dia natao hamboletra izany. Vita koa ny famindran'asa teo amin'ny filohan'ny holafitra vaovao sy ny teo aloha kanefa dia fihantsiana ny mpisehatra eo amin'ity fahefana fahaefatra ity raharaha ity. Sady efa tsy miandany amin'ny tantsaha ny toetr'andro amin'izao fotoana izao kanefa dia teren-dRajoelina Andry hampidinina indray ny vidim-bary, ka nanafatra vary avy any ivelany izy. Fihantsiana ny tantsaha koa izany, satria famonoana azy ireo an-kolaka no ataon'ny fitondrana. Laniana amin'ny fitaterana sy "per diem" ary sakafo be ho an'ny delegasiona ny volam-bahoaka. Ny vahoaka kosa dia ampifalifaliana sy tampena-maso amin'ny fampisehoana ataon'ny mpanakanto sy ny fahafinaretan'ny maso amin'ny afomanga. Tsy ho ela anefa dia ho "valala be mifoha" amin'izay ny vahoaka Malagasy nolazaina hatramin'izay fa "valala be mandry".

Andry Tsiavalona

06 NOVAMBRA 1995- 06 NOVAMBRA 2021

Mbola mitohy ny fanotana fady ny Rova, 26 taona aty aoriana

Nampivarahontsana ny zava-nitranga ny Alatsinainy 06 Novambra 1995 nahamay ny Rovan'Antananarivo, latsa-dranomaso i Madagasikara manontolo, satria kila hotohoto tao anatin'ny ora vitsivitsy ireo harentsaina nampiavaka ny firenenentsika.

INONA NO ZAVA-NITRANGA ?

Raha tsiahivina ny zava-nitranga teo amin'ny lafiny politika, dia nahazo ny fahefana feno ny Filoha Zafy Albert hanendry mivantana ny Praiminisitra, satria nandresy ny ''Eny'' tamin'ny fitsapankevibahoaka nampanaoviny, ny Dr Rakotovahiny Emmmanuel no voatendry ho Praiminisitra. Ny Alahady 05 Novambra 1995 dia notanterahina ny fifidianana Ben'ny tanàna sy mpanolotsainan'ny tanàna manerana ireo kaomina rehetra teto Madagasikara. Andriamatoa Razanamasy Guy Willy no voafidy teto Antananarivo Renivohitra.

Ny ampitso Alatsinainy 06 Novambra 1995 tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany dia nisy haintrano nitranga tao amin'ny Minisiteran'ny Fitantanambola, saingy nalaky voavonjy, antonta-taratasy sy solosaina vitsivitsy no may tao, marihina fa mbola tsy nijoro ny governemanta notarihan'ny Praiminisitra Rakotovahiny tamin'izany , fa ny Praiminisitra Ravony no mbola teo sady izy koa no minisitra niandraikitra ny fitantanambola.

Ny harivan'io Alatsinainy io no nirehitra ny Rovan'Antananarivo, niolomay niezaka namono ny afo ireo vahoaka marobe tonga teny an-toerana saingy haingana loatra ny fidedaky ny afo, ka sarotra ny famonjena , ny famoahana ireo entana azo navotana sisa no natao.

Tohina ny fon'ny rehetra, taitra avokoa ny hambompon'ny tsirairay ary samy nanana fahavononana hitondra ny anjara birikiny hanarenana ilay Rova, maro ireo fikambanana nitsangana nanao fanangonambola, azo lazaina hoe nisafotofoto ihany ny fahitana ny toedraharaha, satria samy nisisika ny hanao avokoa ny rehetra, tsy nisy nanaiky ho gisitra.

NANOMBOKA NY FANARENANA

Voafidy ho Filohan'ny Repoblika ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'ny taona 2002, nandray fanapahankevitra ny fitondrana notarihany nampitsahatra ny fanangonambola momba ny Rova sy ireo asa fanarenana madinidinika .

Ny taona 2005 nahafeno 10 taona ny nahamay ny Rova vao nanambara ny Filoha Ravalomanana, fa atomboka amin'izay ny fanarenana, natsangana ny Filankevi-pirenenan'ny Vakoka, dia io tokana io ihany no afaka mandray ny fitia tsy mba hetra rehetra momba ny Rova.

Ny Sabotsy 05 Novambra 2005 no nentina ambavaka tao amin'ny Fiangonana Tranovato Anatirova ny fanarenana, nanatrika izany ny Filoha Ravalomanana Marc, marihina fa ny trano fiangonana no tafarina voalohany satria nahazo famatsiambola tamin'ny LMS .

Nanomboka teo dia nanao tsy omby aloha ireo nitondra ny anjara birikiny tamin'ny fanarenana, nandray anjara avokoa na mpianatra, mpiasa, tsy an'asa, fianakaviana, orinasa malagasy sy vahiny, masoivoho sy fikambanana iraisampirenena , ny tany ivelany dia samy nanao izay ho afany ireo teratany malagasy mpila ravinahitra tany dilambato sy ireo vahiny nahafantantra ny lazan'i Madagasikara sy ny lanjan'ny Rova. Nizotra ara-dalàna ny fanarenana ary nanjaka tanteraka ny fangaraharana teo amin'ny fitantanana ny vola sy ny ho entimanana, vetivety dia tafarina ny Lapan'i Manjakamiadana.

TSY NARISIKA TAMIN'NY FITIA TSY MBA HETRA INTSONY NY MALAGASY

Nony tonga ny taona 2009 nisian'ny fandrobana fahefana nataon-dRajoelina sy ny forongony , dia nihisatra ny fanarenana, ireo vahoaka malagasy izay nanana risi-po dia lasa nalaina tanteraka tamin' ny fandrotsahana izay foiny, na ireo mpiray firenena tamintsika tany ivelany sy ireo vahiny navitrika tamin'ny fandraisana anjara aza dia samy nanidy poketra avokoa , ny antony dia tsotra, samy tsy nahatoky ny fitondrana najoron-dRajoelina avokoa ireo tsara sitrapo rehetra na malagasy na vahiny, na ny teto an-tanindrazana na ny tany dilambato, hany ka lasa vazivazy fanaon'ireo tanora rehefa hisotrosotro sisa ny hoe : manomeza kely hanarenana ny Rova.

Nisesisesy ihany koa ireo gaboraraka izay vao mainka nahakivy ny rehetra nandritra ny fitondran-dRajoelina tamin'ny tetezamita toy ny fahamaizan'ny Rovan'Ambohidratrimo, ny fahaverezan'ny Satroboninahitry ny Mpanjakavavy afatsy ireo fiheboeboana diso toerana nataon'ny mpitondra, toy ny fiakaran'Ingahy Rajoelina mivady teny Anatirova ny 11 Desambra 2010 nametrahana ny Repoblika fahaefatra, izay fihetsika nampiomehy araka ny fiteninjatovo, satria fitondrana repoblikana no najoro kanefa dia nitonantonana tany an-dRova fonenan'ny mpanjaka fahiny ny filoha mivady.

MBOLA MITOHY HATRAMIN'IZAO NY FANOTANA FADY

Ny Sabotsy 19 Janoary 2019 no nanao fianianana teny Mahamasina ny Filoha ankehitriny, nambara tamin'izany fa hisy ny fanapoahana afomanga teny amin'ny Rovan'Antananarivo ny hariva, ny vahoaka monina eny amin'ny faritra avo dia nitsipaka izany avokoa, satria miteraka fihozongozonan'ny trano izany, kinanjo nanao be fiavy ny orana ny hariva ka tsy raikitra ilay afomanga, fa zavatra hafa no nitranga ny alin'io nanaovan'Ingahy Filoha fianianana io, satria vatobe roa no nianjera tamin'ny toerana roa samihafa ka samy niteraka famoizan'aina avokoa izany.

Ny Alahady 27 Janoary 2019 indray dia tonga nitsidika tao Anatirova Ingahy Filoha niaraka tamin'ilay minisitra veta, nanomboka tamin'io ny fikasana hanangana ilay '' colisée de la honte'' tao Anatirova, ny Alahady taorian'io ny 03 Febroary 2019 dia mbola nisy vatobe nianjera indray, mbola nahafaty olona ihany koa , tankina ny rehetra ary samy nifanontany hoe : sorona ve sa ozona no miseho, satria samy nahatsikaritra ny tsy fanajana ny hasin'ireo vakoka nataon' ireo mpitondra ireo mpandala ny fombandrazana.

Tsy mbola mitsahatra ny fanosihosena ny Rova satria dia mbola tsy narodana fa mbola ao dia ao ilay '' colisée de la honte '' , norebirebena tamin'ny famerenana ilay Tatarompiandrianan'ny Mpanjakavavy ny saimbahoaka, kanefa ilay Satroboninahitry ny Mpanjakavavy very tamin' ny fitondrana tetezamita tsy mbola hita hatramin' izao.

Ny fanazimbazimbana farany nataon'ny fitondrana Rajoelina dia izay niseho tamin'ny 06 Novambra 2020 nahafeno 25 taona ny nahamay ny Rovan'Antananarivo, satria nofafan' Ingahy Filoha indray ilay anarana fiantsoana hatramin'izay nanao hoe Rovan' Antananarivo, ka novaina hoe Rovan'i Madagasikara hono, kanefa teo amin'ny tantaran'Antananarivo dia teo amin'io toerana io no natsangan'Andrianjaka ilay mpanjaka nanorina ny tanànan'Antananarivo tamin' ny 1610 ny Lapan'i Besakana , lapa voalohany tao Anatirova . Ingahy Ben'ny tanàna moa dia tsy tahotra tsy henatra fa naveriny nofantsihana etsy Ampamarinana ny soratra hoe Antananarivo izay azo adika hoe ny vahokan'larivo mihitsy no fantsihana sy havarina eny.

Marihina fa tamin'ny andron'ny 06 Novambra 2020 io dia nisy havana avy any amin'ny faritra namonjy ny lanonana tao Anatirova, no maty namoy ny ainy dia miverina indray ny fanontaniana hoe: sorona sa ozona ?

FEHINY

Na nandritran'ny fitondrana tetezamita na amin'izao izy efa ''filoha voafidy ''izao dia tsy miova ny fihetsik'Ingahy filoha, fa mbola mitohy hatrany ny fanotana fady sy famerezan-kasina ny Rova, ny porofo mitohoka amin'ny tendany dia tsy mbola nandrenesampeo Ingahy Filoha nanambara fa harodana ny " colisée de la honte" , ilay minisitra veta tompon'andraikitra mivantana mikarakara ny vakoka sy ny kolontsaina koa tsy hita ho antenaina, satria ny tenany aza tsy hitany izay itondrany azy.

Ny Valosoa